REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

# TATITRY NY FILANKEVITRY NY MINISITRA NATAO TAO AMIN'NY LAPAM-PANJAKANA IAVOLOHA

## ALAROBIA 30 JONA 2021

**NOTANTERAHINA TAO AMIN'NY LAPAM-PANJAKANA IAVOLOHA NY FILANKEVITRY NY MINISITRA ANDROANY IZAY NOTARIHIN'NY FILOHAM-PIRENENA ANDRY RAJOELINA ARY NAHITANA NY PRAIMINISITRA SY IREO MINISITRA ISAN-TOKONY**

## I- FAMPITAM-BAOVAO

### MINISITERAN'NY TOE-KARENA SY NY TETIBOLA

**Hisy ny fandraisana didim-panjakana mikasika ny fivoahan'ny « devises » sy ireo fepetra manokana momba ny famerenana eto Madagasikara ireo vola vahiny na « rapatriement de devises »**

Ny lalàna manan-kery ankehitriny dia tsy namaritra ny fetra farany ambony ny vola afaka entin'ireo izay mivoaka any ivelan'i Madagasikara. Izany dia nahatonga fanararaotana, fanondranam-bola an-tsokosoko, « fuite de capitaux » ary nampiroborobo ny famotsiam-bola. Hamahana izany olana izany sy hanatsarana ny fiarovana amin'ny fanondranam-bola, ny Minisiteran'ny Toe-karena sy ny tetibola dia nasaina hamolavola didy aman-dalàna ahafahana mifehy ny fivoahan'ny vola vahiny sy ahafahana miady amin'ny « fuite de capitaux ». Izany indrindra no antony nisian'ny vinavina hanavao ny « Circulaire relative aux allocations de devises n°0755/2018-MFB/SG/DGT/DOF/SFE du 30 août 2018 » izay havadika ho didim-panjakana. Nasaina ihany koa ny Minisiteran'ny toe-karena sy ny tetibola mba hametraka haingana volavolan-kevitra andraisana didy aman-dalàna iray hafa mikasika ny fampodiana vola vahiny. Ny tanjona dia ahafahana manatsara izany fampodiana vola vahiny izany sy haha-mari-pototra ny vola Malagasy na ny Ariary

### MINISITERAN'NY FAHASALAMAM-BAHOAKA

**Nankatoavina ny fanamboarana ny « Accueil, Triage et Urgence » (ATU) ao amin'ny CHU Tanambao Toliara**

Ny Politika ankapoben'ny Fanjakana dia mamaritra ny anjara asan'ny sehatra ara-pahasalamana mba hanatrarana ny tanjona hiantohana ny fahasalamana ho an'ny rehetra sy ny fampivoarana ny maha olona. Noho izany, ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka dia miezaka ny hisiana sy hahazoan'ny mponina fitsaboana tsara kalitao sy manara-penitra. Ny tetikasa NPE an'ny

Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka dia ahafahana manatanteraka io tanjona io. Ho an'ny CHU Tanambao Toliara, dia hisy ny fametrahana sampana « Accueil, Triage et Urgence » (ATU), mba hoentina hanatsaràna ny kalitaon'ny fitsaboana omena sy ny fandraisana an-tanana ireo marary.

## II- FANENDRENA sy FANAFOANANA

**FIADIDIANA NY REPOBLIKA**

Noraisina ny didim-panjakana laharana faha 0798/21 manendry an-d**Ramatoa ANDRIAMAMPIANDRA Hasindraibe Christiane** ho Directeur des Etudes Juridiques eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika.

**MINISITERAN'NY HARENA AN-KIBON'NY TANY SY NY LOHARANON-KARENA STRATEJIKA**

Noraisina ny didim-panjakana laharana faha-0716/21 manendry an'**Atoa. RAZANADRATEFA Zotonokinendry** ho talem-paritry ny Minisiteran'ny Harena an-kibon'ny tany sy ny Loharanon-karena Stratejika ao Melaky.

**MINISITERAN'NY FAMPIANARANA AMBONY SY NY FIKAROHANA ARA-TSIANTIFIKA**

Noraisina ny didim-panjakana laharana faha-0742/21 manendry an'**Atoa. RAKOTOARIVONY Tsitohaina Stevenson** ho Tale miandraikitra ny teknolojian'ny fampahalalam-baovao sy ny serasera eo anivon'ny Minisiteran'ny Fampianarana Ambony sy ny Fikarohana Ara-Tsiantifika.

**MINISITERAN'NY SERASERA SY NY KOLONTSAINA**

Noraisina ny didim-panjakana laharana faha 0775/21 manendry an-d**Ramatoa RAHELINORO Lalanirina Noelle**, ho Talem-paritry ny Serasera sy ny Kolontsaina ao amin'ny Faritra Amoron'i Mania.

**MINISITERAN'NY MPONINA, NY FIAHIANA ARA-TSOSIALY ARY NY FAMPIVOARANA NY VEHIVAVY**

Noraisina ny didim-panjakana laharana faha 0774/21 manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2020-1628 tamin'ny 02 desambra 2020 izay nanendry ny Sekretera Jeneralin'ny Ministeran'ny Mponina, ny Fiahiana ara-tsosialy ary ny Fampivoarana ny Vehivavy.

**Ny sampan-draharahan'ny serasera sy ny fifandraisana**
**eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika**
**30-06-2021**